


# ENTANIN'NY FANANTENANA

Lesona 7 hatao ny 18 May, 2024


"Ary holazaina amin'izany andro izany hoe: 'Indro Andriamanitsika, izay nandrasantsika hamonjy antsika. Indro Jehovah, Izay nandrasan-tsika, koa dia aoka ho faly sy ho ravoravo amin'ny famonjeny isika' " (Isaia 25:9)



Rehefa naseho ireo toe-javatra ara-paminaniana dia nanomboka nandalina sy nitory momba ny Fiavian'i Jesosy Fanindroany tsy ho ela ny olona manerana an'izao tontolo izao.

Anisan'ireny i Johann Albrecht Bengel (1687-1752), tany Allemagne; Manuel Lacunza (1731-1801), tany Chili; William Miller (1782-1861), tany Amerika Avaratra; Joseph Wolf (1821-1845), izay nitondra ny hafatra tany Afrika, Egypta, Abyssinie, Azia, Palestine, Syrie, Persia, Ozbékistan ary India.


Izy ireo sy ny hafa izay nanoratra teo aloha dia samy tonga tamin'ny tsoahan-kevitra mitovy: hiverina amin'ny tapaky ny taonjato faha-19 i Jesosy!

- Fiavian'i Jesosy Fanindroany:
  - **Fanantenana mahafinaritra.**
  - **Ahoana no fomba hiverenan'i Jesosy?**
- William Miller:
  - **Ahoana no handikana ny Baiboly.**
  - **Vanim-potoana ara-paminaniana.**
  - **Faminaniana ny amin'ny 2300 andro.**


FIAVIAN'I
JESOSY
FANINDROANY

# FANANTENANA MAHAFINARITRA

"miandry ny fanantenana mahafinaritra sy ny fisehoan'ny voninahitr'Andriamanitra lehibe sady Mpamonjy antsika, dia Jesosy Kristy" (Titosy 2:13)



Hatramin'ny nampanantenan'i Jesosy fa hiverina indray Izy (Jaona 14:1-3), dia izany no fanantenan'ny mpino rehetra mandraka androany (Titosy 2:13).

Hita taratra ao amin'ny fanekem-pinoan'ny Eglizy Katolika Romana sy ny Eglizy Ortodoksa izany fanantenana izany. Ampianarin'ny Fiangonana Anglikana ihany koa izany; ary izany koa no nampianarin' i Luther sy i Calvin ary ireo mpanavao fivavahana hafa.

Inona no mahatonga ny Fiavian'i Jesosy Fanindroany ho toe-javatra andrandraina fatratra?





Manambara fa tapitra hatreo ny aretina sy ny fijaliana ary ny fahafatesana



Midika izany fa foana ny fahantrana, ny tsy rariny ary ny fampahoriana



Mamarana ny adilahy, ny fifandirana ary ny tolona



Manokatra ny varavarana ho amin'ny tontolo feno fiadanana sy fahasambarana ary fiaraha-monina maharitra mandrakizay amin'Andriamanitra

# AHOANA NO FOMBA HIVERENAN'I JESOSY?

"Fa tahaka ny helatra avy any atsinanana ka hita hatrany andrefana, dia ho tahaka izany ny fihavian'ny Zanak'olona" (Matio 24:27)

**Nandritra ny taonjato faha-19, dia nanova ny foto-pinoana momba ny Fiavian'i Kristy fanindroany ny Protestanta tamin'ny fampianarana fa ho avy hametraka fanjakana eto an-tany Jesosy, izay hisian'ny fiadanana mandritra ny arivo taona (premillennialisme), na koa hoe hisy fotoana hanjakan'ny fiadanana mandritra ny arivo taona mialohan'ny Fiaviany fanindroany (postmillennialisme).**

**Saingy, ireo mpanavao fivavahana dia nampianatra fa ny arivo taona dia hialohavan'ny Fiaviany fanindroany, ary izany dia ho:**



***Ara-bakiteny*. "Eny, avy faingana Aho." (Apok. 22:20)**



***Hita maso*. "ny maso rehetra hahita Azy" (Apok. 1:7; Mat. 24:27)**




***Renin'ny sofina*. "amin'ny fiantsoana sy ny feon'ny arikanjely ary ny trompetran'Andriamanitra" (1Tes. 4:16; 1Kor. 15:52)**



***Be voninahitra*. Ny maty hitsangana, ny velona hovana, ary hankarina miaraka amin'ny Tompo isika (1Tes. 4:13-18; 1Kor. 15:51-55)**




WILLIAM
MILLER

# AHOANA NO HANDIKANA NY BAIBOLY

"Fa didy anampy didy, didy anampy didy; fitsipika anampy fitsipika, fitsipika anampy fitsipika; kely ety, ary kely ery" (Isaia 28:10)

Nanapa-kevitra ny hanao ny Baiboly ho mpandika azy ihany i William Miller araky ny voalazan'i Isaia (Is. 28:9-1).

Nanomboka tamin'ny Genesisy, dia nandinika ny andininy tsirairay ao amin'ny Baiboly izy. Rehefa tsy mazava ny heviny, dia nitady vahaolana tany amin'ny andininy hafa izy.

Tamin'izany fomba izany no nanazavan'ny Fanahy Masina azy mandra-pahatonga ny Baiboly ho misokatra mazava tsara teo anatrehany.

Rehefa tonga teo amin'ireo andalan-teny ara-paminaniana izy, dia nahita fa azo ampiharina ao koa izany fitisipika izany:






Rehefa nampihatra ireo fitsipika ireo i Miller dia gaga tamin'ny zavatra hitany.

# VANIM-POTOANA ARA-PAMINANIANA



"Ary hoy izy tamiko: "Telo-jato sy roa arivo andro; ary nony afaka izany, dia amin'izay vao hodiovina ny fitoerana masina"" (Daniela 8:14)

Tamin'ny andron'i Miller, dia noheverina ho fitoerana masina ny Tany, ka nanao tsoa-kevitra izy fa ny faminaniana momba ny fanadiovana ny fitoerana masina (Dan. 8:14) dia manondro ny fotoana hiavian'i Jesosy Fanindroany.

Nomarihiny fa nohazavain'i Gabriela tamin'i Daniela ny tsipiriany rehetra momba ilay fahitana:



- Ny ondrilahy = Media sy Persia (Dan. 8:20)
- Ny osilahy = Gresy (Dan. 8:21a)
- Ny tandroka tapaka = Alexandre sy ireo mpandimby azy (Dan. 8:21b-22)
- Ny tandroka kely = Roma, ara-politika sy ara-pivavahana (Dan. 8:23-25)
- Tsy nohazavaina anefa ny 2300 andro (Dan. 8:26-27).

Taona maro tatỳ aoriana, dia nirahina indray i Gabriela hanazava izany tamin'i Daniela (Dan. 9:21–23). Nohazavainy fa hisy fe-potoana iray na fotoana "voatendry", izay hanomboka amin'ny "hivoahan'ny didy hanavaozana sy hanamboarana an'i Jerosalema" (Dan. 9:24-25). Raha hitan'i Miller izany filaharana izany dia ho hitany ny fiandohan'ny 2300 andro/taona.

# FAMINANIANA NY AMIN'NY 2300 ANDRO

"Ary ianao, ry Ezra, araka ny fahendren'Andriamanitrao izay eo an-tananao, dia manendre mpanapaka sy mpitsara, izay hitsara ny olona rehetra any an-dafin'ny ony, dia izay rehetra mahalala ny lalàn'Andriamanitrao; fa izay tsy mbola mahalala izany dia aoka hampianarinareo" (Ezra 7:25)





Tamin'ny taona fahafito nanjakan'i Artaksersesy, mpanjakan'i Persia, no namoahana ny didy ho an'i Ezra hankany Jerosalema miaraka amin'ny fahefana ara-politika feno mba hamitana ny fanorenana indray ny tanàna (Ezra 7:7, 11-14, 20-21, 24-25) Tamin'ny taona 457 BC izany

Araka ny asehon'ny faminaniana 70 herinandro, dia 49 taona vao voaorina tanteraka i Jerosalema, ary miampy 434 taona mandra-pahatongan'ny Mesia (Dan. 9:25). Io kajy io no mametraka ny batisan'i Jesosy ho tamin'ny taona 27 AD, ary ny fiafaran'ny 70 herinandro ho tamin'ny taona 34 AD.

Rehefa natambatra ireo fe-potoana rehetra ireo teo amin'ny teti-andro ara-paminaniana, dia nanatsoaka hevitra i Miller fa ny Fiavian'i Jesosy Fanindroany dia hitranga amin'ny taona 1843.


Rehefa hita, satria tsy noheverina fa tsy misy taona "aotra" eo amin'ny tantara, dia nofaritana fa ho avy tamin'ny 1844 i Jesosy.



# FAMINANIANA NY AMIN'NY 2300 ANDRO

"Fito-polo herinandro no voatendry ho an'ny firenenao sy ny tanànanao masina" (Daniela 9:24)

"Telo-jato sy roa arivo hariva sy maraina; ary nony afaka izany, dia amin'izay vao hodiovina ny fitoerana masina."




| 457 BC | 408 BC | | 27 AD | 31 AD | 34 AD | | 1844 AD |
|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Didy navoakan'i Artakserse sy | Famboarana indray | 70 herinandro 490 taona | Nohosorana i Jesosy | Nohomboina i Jesosy | Notorah am-bato i Stefana | Filazantsara ho an'ny Jentilisa | Diovina ny Fitoerana Masina |

“Ny anankiray amin'ny hafatra miezinezina sy be voninahitra indrindra ambara ao amin'ny Baiboly dia ilay momba ny fiverenan'i Kristy fanidroany mba hameno ny asa lehiben'ny fanavotana. Ho an'ny zanak'Andriamanitra izay navela hitoetra ela tokoa teto amin'ity “lohasaha aloky ny fahafatesana” ity, dia misy fanantenana sarobidy miteraka fifaliana entin'ny teny fikasana momba ny fisehoan'Ilay “fananganana ny maty sy fiainana,” izay “hampody ilay noroahiny.” Ny foto-pinoana momba ny fiverenan'i Jesosy fanindroany no fanalahidin'ny hevitry ny Soratra Masina rehetra.”

EGW (Hery Mifanandrina, p. 313)



“Ny hany tokony hataontsika amin'izany dia ny anatin'ny andro iray. Anio isika no tsy maintsy mahatoky amin’ny fitokiantsika. Anio isika no tsy maintsy tia an’Andriamanitra amin’ny fo manontolo sy ny namantsika tahaka ny tenantsika. Anio isika no tsy maintsy manohitra ny fakam-panahy alefan'ny fahavalo, ary amin’ny alalan’ny fahasoavan’i Kristy dia hahazo fandresena. Dia hiambina sy hiandry ny fiavian’i Kristy isika. Isan'andro dia tokony hivelona toy ny hoe fantatsika fa izao no andro farany ho antsika eto an-tany. Raha fantatsika fa ho avy rahampitso i Kristy, moa ve isika tsy hameno ny anio amin'ireo teny feno hatsaram-panahy, amin'ireo asa rehetra tsy misy fitiavan-tena, izay azontsika atao?”

**EGW (In heavenly places, 14 Desambra p.355)**